

# TAHIRY



SERASERAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA  
Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor



Vahinintsika

PDS Antananarivo

« Azo atao tsara ny  
mampandroso ny  
Tanànan' Antananarivo  
ao anaty firindrana ... »

APOSTROPHE

Pour une vraie  
souveraineté financière,  
Pour une fierté nationale

CHRONIQUE

Des fantômes à l'air libre.  
L'impunité révolte

## sommair



FAITES CONNAISSANCE  
AVEC LES TRESORERIES MINISTÉRIELLES



APOSTROPHE  
POUR UNE VRAIE  
SOVERAINETÉ FINANCIÈRE,  
POUR UNE FIERTÉ NATIONALE



INVITE DE L'ECONOMIE  
Patrick RAZAFINDRAFITO,  
Vice Président de l'Association  
Malagasy des Investisseurs  
en Capital (AMIC)



ACTUALITE  
TOLO-TANANA - ANTANANARIVO

03

## EDITO

Vao natsangana dia voasedra sahady

05

## CHRONIQUE

Des fantômes à l'air libre. L'impunité révolte

12

## APOSTROPHE

Pour une vraie souveraineté financière,  
Pour une fierté nationaleLe Trésor Public  
est le seul gestionnaire des fonds publics

13

Nouveaux projets de loi  
Le Trésor Public veut être rigoureux dans ses actions

10

## INVITE DE L'ECONOMIE

Patrick RAZAFINDRAFITO, Vice Président de l'AMIC

13

## TSY ARITRA

Tahirimbolam-panjakana

Tsy hiady fa hampahatsiahy  
sy hanatanteraka ny lalàna

11

## IZAHO SY NY ASAKO

Achille Sandrina RAKOTONINDRINA,  
PP MorafenobeBazolarisoa Nalanto HARIOMBANA,  
PP Ambatomainity 404, Maintirano

14

## ACTUALITES

Expansion et diversification des services  
de la microfinance

15

BAD : Une évaluation de la fragilité de l'Etat malgache

AFD : un appui de 25 millions d'euros  
Des données sur la transition des jeunes vers la vie  
active sont désormais disponibles

17

Trésor Mahajanga :  
Manolo-tanana ary hanolo-tanana ny mpiara-belona

17

## SOSIALY

19

## TAHIRY AN-TSARY



# Voao natsangana dia voasedra sahadry



Ny tanjon'ny tetibola volavolaina dia ny fampandrosoana ny Firenena fa tsy ny fampandehanan-draharaha fotsiny akory. Maro ireo tompon'antoka amin'ny fanatanterahana ny tetibola ary isan'izy ireny ny Tahirimbolam-panjakana. Raha misy mandringa ny iray amin'ireo dia mbola ho nofinofy ny handrosoan'ny Firenena iray. Raha ara-pisainana dia tsy maintsy mampiasa vola ny Firenena mba hamokatra. Io no fototra. Ny asan'ny Tahirimbolam-panjakana dia ny fanaraha-maso izany fandanium-bola izany. Ny anjara birikiny kosa dia ny fanafainganana ny famoaham-bola sy ny fanatonana akaiky ireo manan-draharaha. Mba hampahomby azy kokoa amin'izany andraikiny izany dia nananganana sampandraharaha manokana ny Minisiteran'ny Fampianarana, ny Minisiteran'ny Fahasalmana ary ny Minisiteran'ny Fambolena. Mahomby ny fandanium-bola raha toa ka tafa-paka any amin'izay tokony handray azy ny fandania: ny vatsim-pianarana tonga any amin'ny mpianatra, ny tambin-karama isan-karazany voaloha ara-potoana ; ny fotodrafitrasa nanaovana fandania manaraka ny fenitra napetraka...

Tamin'ny taona 2012, vaninandro sarotra ara-politika teto Madagasikara, no nanomboka niasa ny Sampandraharahan'ny Tahirimbolam-panjakana misahana ny fanabeazana. Nitokona mantsy ireo mpiasan'ny fanabeazana tamin'izany ary tao anatin'izany korontana izany no nisantatra ny asa vaovao nampiandreketina azy ireo mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana voatendry ho ao amin'io Sampandraharaha io. Tsy afaka niasa an-pilaminana izy ireo ary nisy aza fotoana tsy nahafahana nisakafo ny antoandro fa nakaton'ny mpitokona ny vavahady hivoahana andeha hisakafo.

Toa nizotra am-pilaminana kosa anefa ny fandraisan-draharahan'ireo Sampan'ny Tahirimbolam-panjakana misahana ny Fahasalmana sy misahana ny Fambolena.

Na izany na tsy izany, ampahatsiahivina fa tsy mpamono afo akory ny Sampandraharahan'ny Tahirimbolam-panjakana fa ny hanafaingana sy ny hampahomby kokoa hatrany ny fandraharahana ara-bolan'ireo minisitera telo ireo no tanjona. Na dia teo aza izany olana tany am-boalohany izany dia tratra ihany ny tanjona, tsy mivoaka ny minisitera intsony ny mpiasa raha handray ny karamany isambolana, voahaja tanteraka ny didy aman-dalana rehetra mifehy ny famoaham-bolam-panjakana na eo ny tsindry isankarazany, nihena ihany koa ny fe-potoana ahavitan'ny antontan-taratasy famoaham-bola satria vita iray na roa andro izany aty amin'ny Tahirimbolam-panjakana raha dimy andro ny fe-potoana takin'ny didy aman-dalana.

Koa raha mbola misy ny fitarainana noho ny fahatarana, tsy aty amin'ny Tahirimbolam-panjakana ny lesoka. Anjaran'ireo mpikatroka eo amin'ny fanatanterahana ny tetibolam-panjakana isan-tokony no manao ny asany ara-potoana. Marihina ihany koa fa misy ny tranga sasany toy ny tsy fahalanian'ny sorabola azo ampiasaina (*crédits*) izay tsy miankina amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Anjaran'ny mpamolavola tetibola no mitsinjo ny filana mandavan-taona. Tsy voavaha velively eto anivon'ny Tahirimbolam-panjakana izany fa samy manana ny andraikiny ny tsirairay avy.

Tsy hitsikera ny andraikity ny sasany akory no ilazana izany fa kosa hampahafantarana ny tena zavamisy sy mba hitadiavana vahaolana. Tonga amin'ny vanim-potoana fanatsarana isika izao. Tsy tokony hifanilika andraikitra ny tsirairay ka hahatonga foana ny fitenenana hoe «efa ao amin'ny Tahirimbolam-panjakana ao» isaky ny mihetsika, fa samia manatontosia izay tandrify azy fa izay no antoka voalohany hanatsarana ny fitantanam-bola eo anivon'ny minisitera isan-tokony.

*Jean José Bity*

▲ Jean José BITY

Trésorier ministériel chargé de l'enseignement



## TAHIRY

Bulletin mensuel d'information et de liaison  
de la Direction Générale du Trésor

### Directeur de Publication

Orlando ROBIMANANA

### Rédacteur en Chef

Landy ANDRIAMIALIZAFY

### Rédacteur en Chef Adjoint

Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO

### Comité de Rédaction

Andry RAKOTOARIMANANA  
Haingotiana RAHANIRAKA  
Haingotiana RAJEMISA  
Hajaina ANDRIAMBOLOLONA  
Hanitra RANDRIANIRINA  
Harivelo TSIMILAZA  
Herinjaka RABENAIVO  
HERY Mann Charles  
José RAJOELISON  
Mbolatiana RAMAMONJISOA  
Naomi RAIVONIRINA  
Oniniaina RAKOTONINDRINA  
Ony RABENANTOANDRO  
Rivolala RANDRIANARIFIDY  
Sandrine PARAINA  
Soamialy RAFIRINGA  
Solofo RAKOTOMAVO  
Solonirina RASOLOFOARIMANANA  
Tojo Hasina RAKOTOSALAMA  
Yves RAKOTO  
Zoely RAKOTONINDRAINNY

### Infographistes/P.A.O.

Iako M. RANDRIANARIVELO  
Mparany RAMANANARIVO

## tsiahy

Fivoriana iraisam-pirenena  
Sehatra izarana traikefa

Fizarana 45

*Afaka dimy volana dia anjaran'ny Tahirimbolam-panjakana malagasy no mandray ny fivoriamben'ny fikambanan'ny Trésor maneran-tany (Association Internationale des Services du Trésor, AIST). Efa tamin'ny taona 1979 no nisy ny fivoriana voalohany saingy tamin'ny fivoriana faharoa, tamin'ny taona 1984 kosa no nandray anjara voalohany ny Trésor malagasy.*



Noraisin'ny Ministry ny Raharahambahiny Senegaley ny solontena malagasy



Tao amin'ny Hotel TERENGA (Dakar) no nanaovana ny fivoriana

Nandritra ny vanim-potoanan'ny Repoblika Voalohany dia nifantoka tanteraka tamin'ny andraikitra fototra teto an-toerana ny Trésor Malagasy. Raha ny teo amin'ny lafiny fifandraisana iraisam-pirenena dia ny fiaraha-miasa tamin'ny Frantsay hatrany no tena nisongadina sy nohamafisina. Tsy nisy loatra ny fifanakalozana tamin'ny firenena hafa ankoatra an'i Frantsa.

#### Fanasana iraisam-pirenena voalohany ho an'i Madagasikara tamin'ny 1984

Tany Paris, renivohitra Frantsay no nanatanterahana voalohany ny fihaonam-ben'ireo mpitantana ny Trésor tamin'ny taona 1979. Tsy mbola nisy ny solontena Malagasy nanatrika io fivoriana io. Dimy taona taty aoriana kosa, raha ny Trésor tany Sénégal no tompon-kevitra tamin'ny fanatanterahana ny fivoriana iraisam-pirenena faharoa, dia nahazo fanasana hanatrika ny fivoriana tany Dakar, Sénégal isika Malagasy. Ny 14 ka hatramin'ny 21 janoary 1984 no nanatanterahana izany ka Firenena 15 no namaly ny fanasana sy nandefa solontena. Nitrika ny solontena Malagasy nanatrika izany fivoriambe izany Andriamatoa Rodolphe RASERINERA, tale vaovao voatendry hitantana ny Trésor malagasy izay nisolo toerana an'Andriamatoa Régis RABARY

izay nandeha nisotro ronono. Nanatrika ny fivoriana koa Ramatoa Mariette ANDRIAMBELO, vehivavy voalohany nitana ny andraikity ny Agent Comptable Central du Trésor et de la Dette Publique.

#### Nasongadina ny asan'ny Trésor sy ny kirizy ara-toekarena tamin'ny taona 80

Nodinihana tamin'io fotoana io ny fanombohana ny fametrahana ny haikajimirindra teo amin'ny fitantanana ny Trésor manerana ireo firenena afrikana nandray anjara. Neken'ireo mpandray anjara rehetra tamin'izay fa tena ilaina tokoa ny haikajimirindra tamin'ny fanangonana ny taokaonty (*centralisation des comptabilités*). Tsapan'izy ireo ihany koa ny olana nianjady tamin'ireo firenena andalam-pandrosoana vokatry ny kirizy. Saika nitovy avokoa ny tranga tamin'ireo firenena afrikana. Narefo ny fifanakalozana ara-barotra ka tsy nifandanja intsony ny vola niditra sy nivoaka tamin'ireo firenena maro. Vokatry izany dia nisy ny fahasahiranana ara-bola. Maro ny firenena namolavola drafitra nanarenana ny toekarena. Nilaina noho izany ny fifanakalozana antontan'isa sy ny tarehimarika teo amin'ny mpitondra, ny fikambanana iraisam-pirenena ary indrindra ny mpamatsy vola. Tsy maintsy nofantarina ny antontan'isa momba ny fivoaran'ny vola mivezivezy (*masse monétaire*)

sy sorabola ao amin'ny tetibolam-panjakana ary ny vola ao anaty kitapom-bolam-panjakana.

#### Noresahana voalohany ny fanavaozana (réformes) ny Trésor

I Sénégal no firenena voalohany nahazo fanampiana ara-tekinika sy fanohanana ara-bola avy amin'ny Frantsa sy ny Banky Iraisam-pirenena tamin'ny fampiasana ny haikajimirindra tamin'ny famolavolana ny «*tableau de bord financier*». Nanomboka tamin'io fivoriana notanterahina tany Dakar io ny fifanakalozana traikefa teo amin'ireo firenena afrikana. Tanjona nokendrena tamin'ny fivoriana ny fampahafantarana ny fanavaozana nampiharina ny Trésor tany Sénégal nanomboka tamin'ny 1982, izany hoe 20 taona taorian'ny nandraisan'izy ireo ny fitantanana tamin'ny 1962. Lohahevitra efatra no nifantohan'ny fifanakalozana teo amin'ireo mpitantana ny Trésor : (i) ny fandaminana ny sampandraharahan'ny Trésor, (ii) ny fampiasana ny haikajimirindra, (iii) ny fitanan-kaontim-panjakana (iv) ary ny fampivondronana taokaontim-panjakana (*consolidation des comptes publics*) sy ny famoahana ny «*tableau de bord financier*».

#### Tombony lehibe ho an'i Madagasikara ny fifanakalozana traikefa

Nandritra ny fivoriana dia tsapan'ireo solontena malagasy fa mbola nila ezaka goavana sady nila fanavaozana ihany koa ny Trésor malagasy. Tsapan'izy ireo fa nisy ny fahataran'ny famolavolana ny «*Opérations Globales du Trésor*» satria natao tanana avokoa ny taokaonty rehetra. Nisy fahatarana 14 taona be izao ny fanomanana ny «*Loi de Règlements*» satria tamin'ny taona 1970 no nisy farany, ary natao tanana avokoa izany rehetra izany. Niaiky ireo mpitarika ny Trésor malagasy fa mbola tratra aoriana i Madagasikara ary tsy maintsy irosoana ny fanavaozana mba hanatrarana ireo firenena afrikana hafa izay efa lasa lavitra tokoa tamin'ny fanatsarana ny asa sy ny fampiasana ny haikajimirindra. Fito andro no naharetan'ny fivoriana tany Dakar. Tombontsoa lehibe ho an'ny Trésor malagasy ny fanatrehana izany fivoriana izany satria varavarana nisokatra ho an'ny fanavaozana sy ny fivoarana ary nahafahana naka lesona nanatsarana ny fitantanana.

#### ▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

Ankasitrahana Ramatoa Mariette ANDRIAMBELO nampita ny rakitrela sy ny tahirin-tsaringy manokana ho loharanom-baovao hanoratana ny Tsiahy.



# chronique

Heriniaina RAMANANTSOA



## Des fantômes à l'air libre. L'impunité révolte

Les Etats-Unis ont leur Bernard Madoff, la Grande Ile a ses fonctionnaires fantômes. Le mode opératoire et la cible peuvent diverger mais leur... comportement reste le même : l'escroquerie caractérisée par des fraudes massives. La déclaration du Ministre de la fonction publique et des lois sociales malgache dans la semaine du 16 juin 2014 fait froid dans le dos. Il a avancé le chiffre approximatif de 10 000 fonctionnaires fantômes à Madagascar, soit 6,5% des agents dénombrés qui sont au nombre de 150 000. Une enquête effectuée par nos soins auprès dudit ministère confirme cette information divulguée par le premier responsable de la Fonction Publique.

**Des fantômes, il y en a.** Sont considérés comme «fantômes» les agents de l'Etat qui ont abandonné leur poste ou les responsables étatiques qui ont vu leur nomination abrogée et continuent de percevoir leurs soldes – dans ce dernier cas, ils occupaient des hauts emplois. Font partie également de cette catégorie les fonctionnaires et les retraités décédés dont les salaires et les pensions sont encore touchés.

**Des fantômes, on en crée.** Il y a également une catégorie de dirigeants – car pour faire passer une pilule aussi grosse, il faut avoir le bras long – qui intègre des gens dans le fonctionnariat, des gens qui sont rémunérés mensuellement mais qui n'ont jamais mis les pieds dans les départements où ils sont sensés travailler.

**J'm'enfoutisme généralisé ou silence complice ?** Aussi étonnant que cela puisse paraître, l'annonce

faite par le Ministre aurait dû faire l'effet d'une bombe auprès de l'opinion publique, d'autant que l'information a été largement relayée par la presse locale. Le sujet n'a pas fait long feu non plus sur les plateformes de discussions des réseaux sociaux ni sur les ondes de la capitale qui sont pourtant devenues ces derniers temps le canal de communication favori des auditeurs pour dénoncer les injustices et inégalités sociales en tout genre. Cela revient-il à dire que les malgaches acceptent que certaines personnes vivent des impôts payés par d'autres alors que d'autres doivent se lever chaque matin pour aller gagner leur croûte ? Et comment l'Etat a pu laisser faire puisque l'affaire ne date pas d'hier et que l'existence de ces escrocs faisait déjà grand bruit vers la fin des années 1990 et le début des années 2000 ?

**Quid de la réforme de la fonction publique.** Ce n'était ni les moyens ni la volonté politique qui manquaient à une époque. Madagascar a en effet engagé un processus de réforme de la fonction publique en deux temps : le premier en 2004 et le second en 2008. Il en découlait la mise en place d'un programme de gestion des ressources humaines de tous les Ministères et de toutes les Institutions de l'Etat. L'objectif visait, entre autres, à détecter les fonctionnaires fantômes par la constitution de la base de données du Système Intégré de Gestion des Ressources Humaines de l'Etat (SIGRHE). Ce système financé par la Banque Mondiale à travers le Projet de Gouvernance et de Développement Institutionnel (PGDI) prévoyait l'informatisation des actes administratifs de gestion des ressources humaines de l'Etat. L'Administration devait alors concrètement être informée du dossier de chaque agent en service ou déjà à la retraite y compris bien évidemment la question relative au solde et à la pension. Mais le constat est amer, le résultat est loin, très loin même du compte.

### L'heure est grave

Qu'on le veuille ou non, personne ne peut vivre en autarcie dans ce monde moderne où tout est interconnecté. Chacun est responsable de soi-même, de son entourage et même de son pays. Il n'est plus admissible de cautionner l'existence des «fonctionnaires fantômes» qui s'enrichissent sur le dos des contribuables. De même, les rapaces *mpanararao-paty* – à prendre au sens propre comme au figuré – qui filoutent l'Administration en touchant les salaires ou les pensions des défunts agents. Ces fraudeurs agissent rarement seuls. La sale besogne ne peut être que l'œuvre d'un système bien structuré. Il n'est donc pas exclu qu'une telle organisation bénéficie de la complicité et de la protection de certaines hautes personnalités. Au final, c'est toute la chaîne qui se partage le butin et aux citoyens d'en faire les frais.

**Un appel à la responsabilité et à la prise de conscience.** Si les fraudes sont l'acte d'un système bien rodé, il appartient également à un autre système bien huilé de stopper l'hémorragie. L'expérience vécue par le Trésor Public témoigne des subterfuges de ces escrocs qui ont souvent recours à de faux dossiers (fausses cartes d'identité nationale et fausses cartes de pensionnés) pour essayer de détourner la vigilance des agents. Le Trésor Public veut apporter sa contribution et vérifie l'authenticité des pièces qui sont présentées à son comptoir. Par contre, les droits réglés par virement bancaire lui échappent totalement, ce qui fait de ce mode de règlement, un moyen privilégié pour les escrocs. Pour y remédier, il faut un suivi individuel du dossier de chaque agent.

**Réfléchissons.** Il y a péril en la demeure ! A l'heure où le pays a besoin de toutes ses ressources, il est aussi opportun de faire un calcul simple pour évaluer les dommages financiers causés par ces arnaques et vols autorisés. Si tous les fonctionnaires fantômes étaient payés chacun à 100 000

MGA, les 10 000 fonctionnaires fantômes coûteraient à l'Etat un milliard ariary par mois. Une somme faramineuse qui aurait pu servir au paiement des subventions de 8 000 enseignants FRAM par mois. Un autre exemple. Au bout de huit mois, l'Etat aurait pu se faire construire un bâtiment semblable à celui de l'INSCAE sis aux 67 ha (Antananarivo).

**Le Trésor en tant que pionnier ne se lassera jamais de dénoncer ces systèmes inefficaces, inefficients et corrompus.** Mais il ne peut assurer seul l'assainissement de l'Administration ni s'immiscer dans les affaires qui ne sont pas de son ressort. Le sujet fera assurément couler beaucoup d'encre dans les colonnes de ce bulletin. Les différents départements ministériels et institutions doivent d'urgence mettre en place des stratégies visant à démasquer les agents auteurs des dérives et prendre des mesures répressives à leur rencontre. Le Statut Général des fonctionnaires dans son article 52 énumère les diverses sanctions applicables aux fonctionnaires coupables de fautes professionnelles qui vont du simple avertissement à la suspension de solde, de la mise à la retraite d'office ou, dans le cas le plus grave, peut aller jusqu'à la révocation avec suppression des droits à la pension et déclaré à jamais incapable d'exercer aucune fonction publique. A ceux-là s'ajoutent bien évidemment les sanctions civiles et pénales. La Justice se doit de montrer l'exemple en infligeant des peines sévères proportionnelles à la gravité des fautes commises en guise de dissuasion de ceux qui seraient encore tentés de faire fi des principes de la gestion financière et de la bonne gouvernance. La culture de la «méritocratie» doit aussi être instituée dans n'importe quel service public. Les postes disponibles devraient revenir aux meilleurs, à ceux qui apportent réellement de la valeur ajoutée.

# Faites connaissance avec...

▲ Pages réalisées par Ony Nandrianina RABENANTOANDRO  
Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO  
Yves RAKOTO

## Les Trésoreries Ministérielles

Dans le cadre de l'amélioration des services rendus aux usagers, de la mise en œuvre de la politique de proximité et de la facilitation du traitement des dossiers, le Trésor Public malgache a décidé de créer de nouveaux postes comptables spécialisés. Ils sont assignataires des opérations d'un département ministériel précis. Leur création a également pour objectif de faciliter le traitement des opérations. Ils assurent (i) la réalisation budgétaire des opérations de recettes et de dépenses du Budget Général de l'Etat, des Budgets Annexes et des Comptes particuliers du Trésor relevant des ordonnateurs secondaires des départements ministériels concernés, (ii) l'exécution des opérations de trésorerie, la tenue de la comptabilité de l'entité et (iv) la conservation des pièces justificatives de ses opérations ainsi que des documents comptables y afférents à l'exception des soldes et des pensions.

Actuellement, trois de ces postes comptables spécialisés sont opérationnels. Faites connaissance avec les Trésoreries Ministérielles (TM).



Les TM sont abritées par les ministères dont elles ont la charge. Le Trésor Public équipe le local pour qu'il soit conforme aux normes

Les TM sont des postes comptables de cinquième catégorie. Elles sont assignataires des opérations budgétaires des ministères dont elles ont la charge et mandataires des soldes des agents desdits ministères. Pour le moment, les TM ne règlent pas les pensions de retraites.

Des agents de la Paierie Générale d'Antananarivo (PGA) et d'autres agents provenant d'autres postes comptables ont été affectés au sein des TM. Ils ont l'avantage d'être déjà bien rodés et contribuent pour beaucoup au bon fonctionnement de ces postes comptables spécialisés. Néanmoins, les autres agents, qui sont nouvellement recrutés apprennent vite, avec l'encadrement des chefs de poste et le recyclage permanent.

Si l'objectif est de créer une trésorerie pour chaque département ministériel, le principe du Trésor Public, en créant les TM est simple : le ministère pourvu du plus lourd budget sera le premier à être doté d'une TM. C'est ainsi que la première TM créée a été attribuée au ministère de l'Enseignement dont les réalisations annuelles s'élèvent à plus de 150 milliards MGA.

**La TM chargée de l'enseignement (TME) conduite par Victor Jean NOMENY sise à Anosy - Antananarivo - reçoit presque 1 000 mandats par mois.** La TME, première trésorerie ministérielle a commencé officiellement à être opérationnelle le 1<sup>er</sup> janvier 2012. De tous les départements ministériels, c'est le Ministère de l'Enseignement qui dispose du plus gros budget réparti entre 124 Services Opérationnels d'Activités (SOA) et 52 ordonnateurs secondaires (Ordsec). Il traite jusqu'à 900 mandats par mois en moyenne et a atteint sa vitesse de croisière avec un délai de traitement de dossiers variant de 24 à 48 heures. Ils sont 15 agents dont deux Inspecteurs du Trésor et trois agents détachés par le ministère à faire fonctionner la TM. Les bureaux

de la TME se situent au sein même du ministère dont elle a la charge. Un cadre agréable et calme, propice au travail.

Le manque de matériels informatiques constitue un réel problème pour le poste. Ne disposant pas de crédit d'investissement, la TM ne peut pas financer elle-même ce type de dépenses. Or, les réponses aux demandes d'octroi de matériels se font attendre. Actuellement, huit agents se relaient sur trois ordinateurs. Un fait qui réduit la performance de la TM.

**Après la TME, c'est la Trésorerie Ministérielle chargée de la Santé (TMS) qui voit le jour en février 2013.** Les dépenses du Ministère de la Santé Publique quittent la PGA, il en est de même pour les fonctionnaires et les autres créanciers de l'Etat, à l'exception des pensionnés. Jusqu'à maintenant, la TMS sert en moyenne 650 usagers avec un budget de 700 millions MGA par mois. 70% de ses dépenses concernent la solde, les autres dépenses dont la bourse des internes n'en constituent que 30%. Le délai de traitement des dossiers est de trois jours en moyenne excepté les régies d'avances qui sont traités en cinq jours, délai réglementaire. Cette attente est due à des problèmes de récupération des titres de règlement, un problème informatique. Il faut deux jours en moyenne pour que tous les éléments relatifs à un dossier soient disponibles dans la machine. Heureusement, les usagers sont déjà au courant de cette situation et se fient à l'organisation. 14 agents dont un Inspecteur du Trésor travaillent au sein de la TM. Ce sont pour la plupart de nouveaux agents à qui le Trésorier Edwin EDMOND doit encore transmettre les techniques du métier. Les attributions de chacun ont été définies au départ pour que chaque agent puisse prendre ses responsabilités. A charge ensuite pour le Trésorier de faire les vérifications. Avec le temps, les agents finiront par maîtriser leur travail.

**La Trésorerie Ministérielle chargée de l'agriculture (TMAgri) a officiellement ouvert ses portes le 02 avril 2014, à Tsimbazaza - Antananarivo.**

Une trésorerie pour quatre ministères. Elle assure l'exécution budgétaire des opérations du Ministère de l'agriculture, du Ministère de l'Elevage, du Ministère de la Pêche et des ressources halieutiques et du Ministère de l'Environnement et des Forêts. A l'instar des autres TM, la TMAgri est hébergée par le Ministère de l'agriculture. Elle dispose d'un grand espace ouvert au rez-de-chaussée et du deuxième étage entièrement réaménagé. Bien que ses activités commencent à peine, l'on peut d'ores et déjà prévoir une moyenne annuelle de 200 milliards MGA en termes de volume d'opérations, crédits ouverts pour une centaine de SOA. Le Ministère de la pêche, grand pourvoyeur de recettes dispense la TMAgri de faire de fréquents approvisionnements de caisse. A ce jour, le délai de traitement des dossiers reçus ne dépasse pas 48 heures.

Victor Jean NOMENY, le chef de poste, est confiant. 13 agents lui ont été assignés pour assurer le fonctionnement du poste. Pour l'heure, les formations et les encadrements sont de rigueur car plusieurs agents sont de nouvelles recrues mais qui ont par contre un certain niveau d'études. En outre, le Trésorier veut adopter une politique de rotation pour que chaque agent ait la chance d'apprendre les tâches d'un autre et éviter ainsi trop de spécification et surtout pour que chacun soit polyvalent. Une politique qui vise à améliorer les capacités du personnel et à augmenter leur motivation.

En outre, le poste attend toujours la Loi des Finances Rectificative pour pouvoir disposer d'un budget de fonctionnement.



## Le saviez-vous

**L**es Trésoriers ministériels sont des anciens Trésoriers Généraux. Quelles sont les différences entre le pilotage d'une Trésorerie générale et celui d'une Trésorerie ministérielle ?

**Les opérations des TM sont très spécialisées.** Au sein des Trésoreries Générales, les chefs de poste sont responsables de plusieurs budgets – le budget général de l'Etat, les budgets des collectivités territoriales décentralisées, les budgets des établissements publics locaux. Cependant, le seul budget d'un ministère peut être bien plus lourd en termes de volume que l'ensemble des budgets gérés au niveau d'une TG.

## Une bonne ambiance de travail garantit une bonne productivité

**C**onsciants qu'une bonne ambiance de travail est nécessaire, non seulement pour une bonne productivité mais également pour assurer l'épanouissement de tout un chacun, la majeure partie de notre temps étant passée au bureau, chaque TM a créé une association dont l'objectif est de promouvoir la solidarité entre collègues, dans la joie comme dans la peine. Tout le personnel en est membre. Outre les *adidy*, les virées entre collègues en sont les principales activités.

Les agents de la TME ont coutume d'organiser une excursion après la clôture des comptes de gestion ou pour le 1<sup>er</sup> mai. L'association fait de temps à autres des levées de fonds pour alimenter sa caisse.

Le personnel de la TMS envisage de faire un voyage ensemble. A Mahajanga, a révélé Edwin EDMOND, Trésorier ministériel. Mais pour l'heure, l'association assure ses dépenses de fonctionnement courantes: uniformes, boissons pour les participants aux différents tournois...

### La TME : une trésorerie sous pression

**L**es dépenses sont sensibles car elles concernent une couche de population sensible et le trésorier et les agents de la TM sont souvent sous pression. En effet, l'enseignement a un impact politique considérable : Bourses, vacations des enseignants, indemnités du personnel administratif et technique, subventions diverses...

Le problème réside à la racine même du processus budgétaire, c'est-à-dire lors de la phase de l'élaboration du budget. Les prévisions budgétaires ne correspondent pas aux dépenses réelles. Les crédits ouverts sont épuisés dès la moitié de l'année si bien que des aménagements de crédits sont nécessaires pour pouvoir faire face aux dépenses

obligatoires. Par ailleurs, la programmation de l'engagement ne correspond pas au calendrier de paiement.

Dans un souci d'organisation, il est toujours à rappeler que la date limite de réception de dossiers de mandatement est fixée au 25 de chaque mois. Par ailleurs, les textes réglementaires accordent cinq jours au Trésor Public pour traiter les dossiers. Par conséquent, à chaque instance de la phase ordonnateur de prendre les mesures nécessaires pour respecter les calendriers de paiement préalablement fixés à leur niveau.

*Ci contre : Les agents de la TMAgri ;*

*Ci-dessous à gauche : Les agents de la TME lors d'une excursion sur la RN2 (Route de Toamasina) ;*

*Ci-dessous à droite : Les agents de la TMS*



## Interview



« **L**es Trésoreries ministérielles, c'est aussi pour décharger la Paierie Générale d'Antananarivo » dit Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL, Directeur de la Comptabilité Publique. Qu'en est-il en réalité ? Le point avec Herivelo ANDRIAMANGA, Payeur Général d'Antananarivo.

### Quelles ont été les conséquences de la création des trésoreries ministérielles pour la PGA ?

La création des TM a allégé la PGA, non seulement en termes de volume de budget assigné mais également en termes de volume de travail. En effet, si la PGA a été assignataire de près de 90% des dépenses du budget général de l'Etat auparavant, il ne lui reste plus qu'environ 55% actuellement. Par conséquent, même si certains des agents de la PGA ont été affectés aux nouvelles trésoreries, nous avons pu améliorer notre performance : si la norme est de 15 jours après le mois concerné pour l'édition d'une balance (M+15), nous sommes

actuellement à M+20. Auparavant, nous n'arrivions pas à monter une balance en ce laps de temps.

### Et par rapport aux défis du Trésor Public ?

Je noterais en particulier les défis n°2 et n°3. Actuellement, nous pouvons respecter le délai de traitement réglementaire des dossiers, soit cinq jours. En outre, nos agents se sont trouvés moins chargés de travail, notamment, au sein de la Division Visa. La qualité des services rendus aux usagers (Défi 2) s'est donc améliorée, et également les conditions de travail puisque plusieurs d'entre nous peuvent rentrer à des heures plus raisonnables.

# vahinintsika



## Ny Hasina ANDRIAMANJATO, PDS – Antananarivo Renivohitra

« Azo atao tsara ny mampandroso  
ny Tanànan'Antananarivo ao anaty firindrana »

Renivohitra madio sy milamina ary maharaka ny toetrandro : taratry ny fiandrianam-pirenena. Ny fahavononana sy ny fiaraha-mientan'ny rehetra fotsiny no ilaina. Manana fijery lavitra sy mivelatra Andriamatoa Ny Hasina Andriamanjato, Filohan'ny Delegasiona Manokan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Manana tetikasa be fangirihina (ambitieux) ny Vahinintsika. Resadresaka

**Gazety TAHIRY :** Hita fa efa mivaha tsikelikely ny olana momba ny fako sy ny lalana misy lavadavaka. Ahoana no nandaminanareo ato amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra izany ?

**Ny Hasina ANDRIAMANJATO :** Mpandraharaha eo amin'ny fifandraisan-davitra sy orinasan-tsolika iray no nanampy ara-bola nanalana ireo fako nivangongo eran'ny tanàna efa-bolana lasa izay. Ankehitriny, efa mampidi-bola ny kaominina ka afaka mamatsy ny fanadiovana ny tanàna eo am-piandrasana ny *subventions* avy amin'ny Fanjakana ho an'ny SAMVA. Ny marina, raha tena tiana hadio tsara ny tanàna dia vola mitentina 200 tapitrisa ariary isam-bolana sy fiara vaventy 40 no ilaina. Ankehitriny, efa mitady mpiara-miasa izahay amin'ny mety hanodinana ny fako ho zavatra hafa toy ny angovo... Maro ireo olona efa vonona ny amin'izany saingy misy hatrany ny olana anatin'ny (tsy fisian'ny lalam-barotra noho ny tsy fahafahan'ny JIRAMA mividy azy) mampihemotra ireo mpampiasa vola. Efa nahazoana famatsiam-bola ihany koa ny hanaovana toerana vaovao hasiana fako (fiaraha-miasa amin'ny *Agence Française de Développement*) ary hakatona Andralanitra<sup>(1)</sup> amin'ny fotoana hahavitan'izany.

Ny fanampenan-dalana vonjimaika indray dia fiaraha-miasa tamin'ny Minisiteran'ny Asa vaventy no nanaovana azy ka ny *Fonds d'Entretien Routier (FER)* no nampiasaina. Vokatry ny fifandresen-dahatra sy ny fitokisan'ireo mpamatsy vola no nahatanteraka izany. Mbola mitady vola fanampiny izahay hanamboarana izay sisa tsy vita.

**GT :** Hampilamina kokoa ny tanàna, inona no vahaolana hitanareo ?

**NHA :** Ny fananganana fotodrafitrasa vaovao lehibe ihany no vahaolana raha tsy hiresaka afa-tsy ny tsena sy ny toeram-piantsonan'ny fiarakodia fotsiny ihany isika. Ny fanokafana lalana vaovao kosa no tetika ialana amin'ny fitohanan'ny fiarakodia.

**GT :** Ahoana ny fanatanterahana izany ?

**NHA :** Maro ny tetikasa efa noeritreretinay. Ny fandinihana (*études*) isan-karazany aza efa vita. Ireo vinavinanay rehetra dia mikendry ny fanalana ny fitohanan'ny fiara eto an-drenivohitra sy ny fanatsarana ny endriky ny tanàna avokoa. Ny tetikasa «*Grand Tana*» ohatra dia hampiitatra ny tanàna. Hisy *h a t r a m i n ' n y* tsena lehibe isan-karazany (*centres commerciaux*) ny toerana manodidina ka hiena ny fifamezivezena eto an-drenivohitra. Eo koa ny fananganana toeram-piantsonana lehibe hisorohana ny fijanonana amorondalana. Efa vinavina ihany koa ny hanampiana ny fitaovam-pitaterana: *monorail aérien, téléphérique*... ankoatra ny fanavaozana ireo fiara fitateram-bahoaka.

**GT :** Ampy ho amin'ny fanatanterahana izany ve ny volan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ?

**NHA :** Tsy ho ampy velively amin'ny fanatanterahana izany raha ny volan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra manokana. Tsy misy afa-tsy ny fifanarahana eo amin'ny mpandraharaha tsy miankina amin'ny Fanjakana ihany no vahaolana dia ilay antsoina hoe *Partenariat Public Privé* (3P).

**GT :** Azonao lazaina anay ve ireo fiaraha-miasa efa misy ?

**NHA :** Ny fanalana ny fako, efa voalazako teo aloha. Ny fananganana ny televizionina sy ny fampielezam-peon'ny kaominina (*radio*) ohatra dia vokatry ny fiaraha-miasa 3P. Tsy ny volan'ny Kaominina no nananganana izany kanefa hampidi-bola ho azy ireo satria misy

ampahany hiditra ao amin'ny kitapom-bolany izay vola rehetra miditra amin'ireo fitaovantserasera ireo amin'ny alalan'ny dokam-barotra. Efa tafapetraka ihany koa ny *call center*-n'ny kaominina izay mandray ireo fitarainana sy soso-kevitra rehetra avy amin'ny olompirenena tsirairay. Ny laharana 456 no hahazoana azy avy amin'ny mpandraharaha Orange ary maimaimpoana ny antso. Mbola mifampiraharaha amin'ireo mpandraharaha hafa ny Kaominina amin'izao fotoana izao. Mikasika an'«Antananarivo mirehitra jiro» dia efa nahatonga jiro matanjaka ny kaominina avy amin'ny mpiara-miasa saingy tsy nety tamin'ny JIRAMA<sup>(2)</sup> izy ireo ka voatery naverina. Mbola eo am-pitadiavana izay mifanaraka amin'ny ilain'ny kaompanian-jirontsika izahay ankehitriny.

**GT :** Inona no vina amin'ny ho avy hanatsarana ny tanànan'Antananarivo ?

**NHA :** Tsy afa-miala amin'ny fampifanarahana amin'ny toetrandro (*modernisation*) isika. Na ho ela na ho haingana, tsy maintsy hisy ny trano vaovao hatsangana, tsy maintsy hampitomboina ny toeram-piantsonan'ny fiarakodia izay 1 000 monja ankehitriny nefa 120 000 ny isan'ny fiarakodia mifamezivezy eto Antananarivo... Mbola vinavinaina ihany koa ny hisian'ny fitaterana sy ny tsena amin'ny alina hialana amin'ny fitohanan'ny fifamoivoizana amin'ny antoandro. Eritreretina ny fampiasana ny teknolojia eo amin'ny fandoavana ny saran-dalana (*compostage des tickets*) hialana amin'ny fivivezen'ny vola ka mety haka fanahy ny olon-dratsy (*sécurisation des opérations*).

**GT :** Inona àry ny olana tsy ahatanterahan'izany rehetra izany ?

**NHA :** Raha ny momba ny fanorenana





A

isankarazany dia tsy maintsy fanapahan-kevitra iarahany ny Minisiteram-panjakana misahana ny fotodrafitrasa, ny fampitaovana ary ny fanajariana ny tany sy ny Minisiteran'ny Asa vaventy ary ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Misy ny milaza fa toerana tsy azo hanorenana na *zones inconstructibles* Antaninarenina sy Analakely. Ny tekisianina avy ato amin'ny kaominina anefa efa nanao *études de terrain*, tsy manohana izany. Mbola ilaina ihany koa ny fifandresendahatra amin'ireo olona sasany saro-piaro amin'ny endrik'Antananarivo ka matahotra sao hanova endrika azy ny fijoroan'ny trano vaovao sy fisian'ny fiantsonana vaovao.

Raha ny tsena sy ny fitaterana amin'ny alina indray dia tsy maintsy atao matotra tsara ny filaminana sy ny fandriampahalemana. Tsy maintsy mazava tanteraka aloha ny tanàna.

**GT : Azonao lazaina eto ve ny tetibolan'ny Tanànan'Antananarivo?**

**NHA :** 33 miliara ariary ny amin'ity taona 2014 ity. Marihiko fa kely dia kely io satria ny fenitra ho an'ny renivohi-pirenena iray dia 100 dolara amerikanina isan'olona izany hoe raha roa tapitrisa ny isan'ny mponin'Antananarivo (efa 3 tapitrisa any ho any ny isa marina ankehitriny) dia tokony ho 200 tapitrisa dolara amerikanina na 400 miliara ariary raha 2 000 ariary ny dolara iray.

**GT : Ohatrinona ny karaman'ny mpiasa ?**

**NHA :** Manodidina ny 900 tapitrisa ariary isam-bolana eo ho eo ny karaman'ireo mpiasa 3 200.

**GT : Kely ny tetibola. Misy hevitra hafa ve azo ampidirana ny vola?**

**NHA :** Maro ny azo atao ary efa nanomboka izahay. Efa miasa ankehitriny ny karatra haban-tsena misy rafi-tsipika (*tickets de marché à code-barres*) izay tsy azo atao hosoka intsony ary efa hita fa nitombo tsara sahady ny vola miditra isanandro. Heverina ihany koa ny hanisiana milina fandoavana saram-piantsonana (*horodateur*). Io saram-piantsonana io moa amin'izao fotoana izao dia tena kely dia kely tokoa. Ary farany, eo ihany koa ilay fiaraha-miasa amin'ny mpandraharaha tsy miankina efa voalazako teo. Izy ireo no hanorina ny fotodrafitrasa rehetra na tsena izany, na toeram-piantsonana izay ho an'ny Tanànan'Antananarivo ihany. Izy ireo ihany koa no hitantana azy mandritra ny 15 na 20 taona saingy tsy maintsy hisy ampaham-bola miditra zarainy amin'ny Kaominina – 20 na 30%ny vola miditra aminy. Build-Operate-Transfer (BOT) no iantsoana izany endri-piarahamiasa izany. Sady ho tanteraka ny tetikasa rehetra, hampidi-bola hafa ny kaominina ary hilamina ny tanàna. Tanjona ny hialana tanteraka amin'ny fanampian'ny Fanjakana.

**GT : Tsy maintsy misy fampifanarahana amin'ny lalàna mifehy ny fidiram-bolan'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izany.**

**NHA :** Eny. Marina izany. Hodinihinay eo anivon'ny Antenimieran'ny Tanàna (*Conseil municipal*) izany ary raha ilaina ny fanovana ny lalàna eny amin'ny Antenimieram-pirenena dia hangatahanay ny fanovana izany.

**GT : Misy fepetra manokana takina ve raha te hampandroso an'Antananarivo ?**

**NHA :** Ny fahadiovana. Tena lalina loatra ny tsy fahadiovana eto Antananarivo. Lalina ihany koa ny tsy fanarahan-dalàna. Na dia tenenina aza hoe amin'ny dimy ora hariva ka hatramin'ny enina ora maraina ny fanariana fako dia mbola misy hatrany ireo manary fako amin'ny antoandro. Fandaminana no anton'ireny fa raha mandà ny fandaminana ny olom-pirenena dia mitombo ny vola lany satria voatery mivezivezy ny fiara mpitatitra fako. Anentanana ny rehetra mihitsy io fahadiovana io mba tsy ho verivery fotsiny ny ezaka atao. Entanina manokana ny mpivarotra amin'izany. Efa handeha tsy ho ela ihany koa ireo haino aman-jerin'ny kaominina hampianatra ny fitondrantena mendrika indrindra eo amin'ity lafiny fahadiovana ity hafa olombanona ny mponina. Na inona na inona dia fototra ny fanabeazana ho olom-pirenena satria ny fiovan-toetsaina sy ny fanavaozana ny fomba fisainana no antoky ny fahombiazana.

▲ Ony Nandrianina RABENANTOANDRO  
Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO  
Herinjaka RABENAIVO

A

Ny eo amin'ny *esplanade* Analakely rahatrizay



# invité de l'économie



**Patrick RAZAFINDRAFITO,**  
**Vice Président de l'Association Malagasy**  
**des Investisseurs en Capital (AMIC)**

**«Notre pays est en chantier économiquement,  
tous les secteurs sont porteurs»**

*Le problème de financement est souvent évoqué comme facteur rebutant pour les petits investisseurs. Justement, les investisseurs en capital ont pour mission première d'entrer dans le capital d'une entreprise pour l'aider à démarrer, pour soutenir sa croissance ou pour leur offrir une nouvelle dynamique par une recapitalisation. A Madagascar, huit entités ont injecté 400 millions USD au titre de capital-investissement et 138 entreprises en bénéficient actuellement. Des chiffres relativement faibles pour laisser conclure que le concept d'«investisseur en capital» est peu connu. Patrick RAZAFINDRAFITO, Vice président de l'AMIC apporte sa lumière.*

**Bulletin Tahiry :** *Le concept d'investissement en capital est étranger à bien des gens. Pouvez-vous apporter quelques éclaircissements ?*

**Patrick RAZAFINDRAFITO :** Beaucoup de citoyens, peut-être sans le savoir, font de l'investissement en capital lorsqu'ils apportent une partie de leurs économies et s'associent avec un ami ou la famille pour monter ou développer une affaire. L'évolution majeure est que c'est aujourd'hui une profession à part entière qui suit un processus métier rigoureux avec des techniques financières et juridiques plus ou moins complexes, et qui est exercée par des individus expérimentés (*Business angels*) et par des organisations structurées (sociétés de capital-risque, fonds d'investissement). En résumé, l'investissement en capital ou capital investissement est un mode de financement d'une entreprise nouvelle ou existante au niveau de son capital social et parfois aussi au niveau de ce qu'on appelle le quasi capital.

**BT :** *Quel est l'intérêt d'une telle intervention pour l'investisseur en capital ?*

**PR :** L'objectif de l'investisseur en capital est bien sûr de rentabiliser les fonds investis dans le capital des entreprises à un niveau compatible avec le risque pris. Le risque étant que si l'entreprise n'atteint pas ses objectifs ou périclité, l'investisseur en capital ne rentabilisera pas et pourra même perdre les fonds qu'il a investis. L'intérêt de l'investissement en capital est donc l'espérance d'un rendement supérieur par rapport à des investissements ou des placements plus sûrs mais moins rentables dans des dépôts à terme bancaires, dans des bons

du Trésor ou sur des marchés boursiers. Cela dit, toute la technicité du métier est justement d'apprécier et de circonscrire les risques du projet et de l'entreprise financée. Les intérêts de l'investisseur en capital et du promoteur sont liés car le promoteur, généralement majoritaire dans le capital social, bénéficiera de la majorité des profits distribués.

**BT :** *Quels sont les critères pour un investisseur en capital d'entrer dans le capital d'une entreprise ou société donnée ?*

**PR :** Je citerai les deux critères les plus importants : (i) l'investisseur en capital étudie la viabilité du projet, la potentialité du secteur d'activité et (ii) le professionnalisme, le sérieux, la technicité et l'expérience des responsables.

**BT :** *L'investisseur en capital devient-il associé au sein de la société où il intervient ?*

**PR :** Naturellement l'investisseur en capital est associé ou actionnaire de l'entreprise ou de la société financée, mais avec trois spécificités principales : (i) il est souvent un actionnaire minoritaire; (ii) il est un actionnaire professionnel, c'est-à-dire que son travail quotidien est aussi de conseiller et d'accompagner les sociétés de son portefeuille; et (iii) l'investisseur en capital est actionnaire sur une durée limitée de trois à sept ans, car il doit récupérer ses fonds pour réinvestir dans d'autres entreprises et/ou rémunérer ses propres actionnaires. Certains fonds d'investissement ont cependant une politique de participation majoritaire en accord avec le propriétaire de l'entreprise. La démarche est de développer l'entreprise en finançant

ses investissements et en améliorant son management, puis de revendre l'entreprise ou la participation majoritaire avec une plus-value.

**BT :** *Comment se passe la sortie d'un investisseur en capital de la société dans laquelle il intervient ?*

**PR :** Il convient d'abord de préciser que la sortie de l'investisseur en capital est encadrée juridiquement dans un protocole avec le promoteur au démarrage du partenariat. Suivant les accords, la sortie peut se faire en théorie par cession au promoteur ou à d'autres investisseurs, par une vente de l'entreprise ou idéalement par une introduction en bourse. D'autres techniques juridiques (réduction du capital,...) sont aussi utilisées parfois. Dans le cas d'une cession au promoteur, le mode de calcul du prix des actions et les modalités de paiement sont généralement définies à l'avance.

**BT :** *L'existence des investisseurs en capital signifie-t-il que les banques n'accordent pas assez de crédit à l'économie ?*

**PR :** Je dois d'abord souligner que quelle que soit la liquidité des banques commerciales, elles n'ont pas vocation à prendre des risques excessifs de crédits. Suivant la réglementation de Bale I encore vigueur chez nous, les ressources des banques ne sont composées au minimum que de 8% de fonds propres, le reste étant constitué principalement de l'argent des déposants. L'actualité récente nous a douloureusement rappelé cette réalité. A la différence, le capital investisseur travaille principalement avec les fonds de ses



actionnaires lesquels sont des investisseurs avertis et conscients des risques de l'activité. Maintenant pour répondre à votre question, je dirais que le capital investissement et les banques sont hautement complémentaires car la sous-capitalisation des entreprises malgaches est chronique. Je suis effaré d'observer que le ratio Fonds propres/Dettes de 30 /70 a été longtemps la pratique admise dans notre pays. Ce levier d'endettement excessif a été fatal à beaucoup d'entreprises en retournement d'activité. Et justement, le rôle et la vocation du capital investissement est de renforcer les capitaux propres des entreprises pour les rendre plus solides dans les phases critiques de démarrage ou de retournement de cycle, et plus bancables lorsqu'il est nécessaire de lever des fonds supplémentaires.

**BT :** *Quid du cas de Madagascar, parlant de capital investissement.*

**PR :** Malheureusement l'offre locale de capital investissement est insuffisante au regard des immenses besoins nationaux. Nous devons bouger car l'Afrique bouge et attire l'intérêt des investisseurs après la crise financière de 2008. Rien que le mois dernier, Amethis Finance, un fonds d'investissement associé à la Compagnie Rothschild, a levé 530 millions USD pour investir dans les PME de l'Afrique subsaharienne. Tout l'enjeu est donc d'attirer ces investisseurs sur Madagascar car notre pays a autant de potentiels sinon plus que nos voisins. L'AMIC s'y attèle à son modeste niveau.

**BT :** *En tant qu'investisseur en capital, pouvez-vous dire quels sont les secteurs porteurs ?*

